


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Sorona Tanteraka

Mijoro ho vavolombelona mivantana amin'i Satana aho ny amin'izay lazain'ny Teny fa ataon'ny ran'i Jesosy ho ahy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny andro lehibe indrindra tamin’ny taom-pivavahan’ny Jiosy dia ny Andro Fanavotana, fantatra ankehitriny amin’ny hoe Yom Kippur. Tamin’io andro io ihany, no niditra tao amin’ny Masina Indrindra ny mpisoronabe nitondra ny ran’ny sorona nanarona ny fahotan’ny Isiraely nandritra ny herintaona.

> “Dia hangalany [ny mpisoronabe] ny ran'ny vantotr'ombilahy ka hafafin'ny fanondrony amin'ny rakotra fanaovam-panavotana eo amin'ny lafiny atsinanana; ary ny eo anoloan'ny rakotra fanaovam-panavotana koa dia hofafazany ny ra impito amin'ny fanondrony.” (Levitikosy 16:14)

Ny ra irery ihany no afaka nanolotra fanavotana ho an’ny otan’ny vahoakan’Andriamanitra, ary tsy maintsy nentina teo anatrehan’Andriamanitra Tsitoha ao amin’ny Masina Indrindra. Tiako ho tsikaritrareo manokana fa nafafy impito ny ra. Tsy kisendrasendra izany fiverenana izany, satria ao amin’ny Baiboly, ny isa fito dia manondro ny asan’ny Fanahy Masina. Fito koa no isan’ny fahafenoana, na fahatanterahana. Izany fitsipika izany dia tanteraka tamin’ny fomba nandatsahan’i Jesosy ny Rany. Nalatsaka impito marina ny Rany talohan’ny nahatanterahan’ny fanatitra.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-006-MLG

Nohavaozina farany: 01 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

